# Gazetin'ny AD2M

Septambra 2022 / Laharana voalohany



## LEMAK'I VONDROVE:

Fanajariana ny lemaka famokaram-bary, manala ny fijalian'ny mponina nandritra ny 36 taona

## MASOMBOLY KABARO:

Antoky ny fahatsaran'ny vokatra sy firoboroboan'ny famokarana kabaro tsara kalitao

## PAOMPY MANDEHA AMIN'NY HERIN'NY MASOANDRO AO BETESDA:

Niteraka fivoarana lehibe eo amin'ny fiainan'ny tantsaha

## VOLY LEGIOMA:

Namoaka an'i Naina tamin'ny fahantrana ny voly traka sy legioma

## TOROHEVITRA:

- Fanamboarana salady balahazo
- Fanamboarana tsako amin'ny lojy

## LAHARANA MAHASOA:

Mpamokatra masomboly

FIDA
Investir dans les populations rurales

OPEC FUND

# Matoandahatsoratra



Andriamatoa Mamy Hary Tiana RAZAFINDRIAKA
Mpandrindra ny Tetikasa AD2M

Tany mamokatra ny Faritra Menabe sy ny Faritra Melaky. Ny vary, ny voamaina, ny haninkotrana, ny legioma...hita aty avokoa. Manana tantsaha maro vonon-kivoatra sy hanondrotra avo ny vokatry ny fambolena sy fiompiana ireo Faritra roa tonta ireo.

Tetikasa momba ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra, miasa sy mampiroborobo hatrany ireo sehatrasa ireo ny Tetikasa AD2M, izay Tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana izay vatsian'ny FIDA vola. Nizara ho dingana roa ny tetikasa. Nanomboka ny taona 2008 ny dingana voalohany izay tapitra ny taona 2015 ary nanomboka ny taona 2016 kosa ny dingana faharoa izay haharitra 7 taona. Tanjona amin'izany ny fampiakarana lenta ny sehatry ny fambolena, ahitana ny fanatsarana ny famokarana ho afa-miatrika ny fiovan'ny toetr'andro, ny fiarovana ny fananan-tany, ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary sy ny fidirana amin'ny sehatry ny tsena. Tanjon'ny Tetikasa ihany koa ny handray anjara amin'ny fanatsarana maharitra ny fidiram-bolan'ny tantsaha sy ny fiahiana ara-tsakafo amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny famokarana ao anatin'ny Faritra Melaky sy Menabe.

Tokantrano miisa 57.000 no kendrena, izany hoe tokantrano 22.000 voakasika tamin'ny dingana voalohany; ary tokantrano vaovao miisa 35.000 ho an'ny dingana faharoa. Tombanana ho 342.000 ny fitambaran'ny mpahazo tombontsoa amin'ny Tetikasa AD2M. Miditra an-tsehatra amin'ny kaominina 47 ny Tetikasa ary miparitaka amin'ny distrika 7: Maintirano sy Antsalova ao amin'ny Faritra Melaky; Miandrivazo, Mahabo, Belo/Tsiribihina, Morondava ary Manja ao amin'ny Faritra Menabe.

Mba ho fampahafantarana antsika fa misy ny asa ary mahavelombolo ny vokatra azon'ny Tetikasa AD2M ao anatin'ny Faritra Melaky sy Menabe, mba hifampitana vaovao sy hifankahalalana bebe kokoa, atolotra ho antsika ity gazetim-pifandraisana ity. Ho hitanao anatin'izy ity isaky ny enim-bolana ny vaovao mahakasika ny Tetikasa, ireo fizarana traikefa, fizarana fomba mahomby avy amin'ireo mpahazo tombontsoa tafita sy nahazo vokatra tsara...

Ho an'ity gazety laharana voalohany ity, maro ny lohahevitra nojerena toy ny fotodrafitrasa nohajariana tao Vondrove izay hanondraka velaran-tany mirefy 910 ha, ny famokarana masomboly kabaro ao Befasy, ny fampiroboroboana, ny fanamaroana haingana ny fatana mitsitsy KAMADO ao Ambinanitelo, ny famokarana sakafo ara-pahasalamana ao Befasy, sy ireo hafa.

Raiso finaritra ary ny «GAZETIN'NY AD2M» izay entintsika hifandraisana manomboka izay. Raiso ary vakio ahafahanao mahafantatra bebe kokoa mahakasika ny Tetikasa sy ireo sehatrasa tohanany ary indrindra ireo tantsaha mpamokatra efa matihanina sy manana vokatra,...

# Fizahan-takelaka


- Fanajariana lemaka amokaram-bary ao Vondrove....pejy 3
- Fambolena hazo fihinam-boa: sady miaro ny tontolo iainana no loharanon-karena ....pejy 4
- Sakafo ara-pahasalamana ankohonana tomady ....pejy 5
- Vary "sebota 70", vahaolana amin'ny fiovan'ny toetrandro ....pejy 6
- Fampiasana paompin-drano mandeha amin'ny herin'ny masomandro ....pejy 7
- Kamado: fatana mitsitsy, miaro ny tontolo iainana....pejy 8
- Famokarana masomboly kabaro....pejy 9
- Namoaka an'i Naina tamin'ny fahantrana ny voly traka sy legioma ....pejy 10
- Vaovao mahakasika ny tetikasa ....pejy 11



**TALEN'NY FAMOAHANA:**
RAZAFINDRIAKA Mamy Hary Tiana

**TONIAN'NY LAHATSORATRA:**
RANDRIANTSOA Maminiaina

**NANATONTOSA:**
HERINASANDRATRA Volantantely
RAFANOMEZANTSOA Erick Alain
ANJARASOA Zozeny Valessa
RAZAFIMAHATRATRA Tsanta N.
VOHIZAY Velo Jean

**NANDRINDRA NY PEJY:**
RAZAFIMAHATRATRA Tsanta N.

**TRANOPRINTY:**
New Print

**ISAN'NY NATONTA:**
1500
**ad2m@ad2m.mg**



# Fanajariana lemaka amokaram-bary ao Vondrove

**Nohavaozina ny fotodrafitrasa fitarihan-drano hanondrahana ny lemaky Vondrove ho fampiroboroboana ny fambolena. Vokany, afaka niverina namboly vary ny tantsaha mpamokatra, miverina ny fandriam-pahalemana**

Vita soa amantsara ny andiany voalohany amin'ny ny fotodrafitrasa fanajariana ny lemak'i Vondrove, ahitana ny fotodrafitrasa fisintomana rano avy amin'ny reniranon'i Mangoky sy ny lakan-drano mirefy 5,170km ary afaka manondraka velaran-tany mirefy 910 ha ny taona 2021. Nandrasan'ny maro ny fahavitan'ny fanarenana ity fotodrafitrasa goavana ao Vondrove, Kaominina Beharona, Distrikan'i Manja ao anatin'ny Faritra Menabe ity.

Efa nisy hatramin'ny taona 1940 ny fotodrafitrasa saingy nijanona tsy niasa kosa ny taona 1985 vokatry ny fahasimbana noho ny fandalovan'ny rivo-doza «Dora» sy ny tsy fitohizan'ny fikarakarana intsony taorian'ny nisintahan'ny Fanjakana. Vokany, 66 ha sisa ny velaran-tany afaka nampiasaina nanaovana fambolena, izay niteraka fahasahiranana ho an'ny mponina manodidina. Niha vitsy ny sakafo, nanjaka ny hanoanana ary nanjaka tahaka izany ihany koa ny tsy fandriam-pahalemana. Ny mangahazo, ny oviala, ny bele (vomanga), … ireny no lasa foto-tsakafon'ny mponina.

Taorian'ny fahavitan'ny asa fanarenana, noraisin'ny Tetikasa AD2M ny fiasana ny tany ka ny orinasa BEMACO no nanatanteraka izany. Tany mirefy 174 Ha no vita asa tamin'izany. Niditra tamin'ny fambolena amin'izay ny tantsaha.

Samy niezaka namboly vary ireo tantsaha mpahazo tombotsoa ato amin'ny lemak'i Vondrove. Mba hanampiana azy ireo anefa, nisy ny famatsiana fitaovana toy ny angadin'omby, ny hersa, ny «sarcleuse», ranom-panafody sy "pulvérisateur"ary masomboly vary "Sebota 70". Ankoatra ireo, nisy ny fampiofanana momba ny teknikam-pambolem-bary ho an'ireo tantsaha mpamokatra.

3 volana sy tapany aty aoriana, nody venty ny rano natsakaina. Miakatra ny vary ao Vondrove. Revo amin'ny fampiakarana ny vokatra ny mponina. 370 ha ny tany voavoly ary nahatratra 4T/ha ny taham-bokatra. Nanodidina ny 1480 taonina ny vokatra niakatra tamin'ity taom-pambolena voalohany ity izay hinoana fa ho tsaratsara kokoa amin'ny taom-pambolena ho avy. Miisa 463 kosa ireo mpahazo tombontsoa mivantana ka 63 tamin'ireo no vehivavy.

Eo amin'ny lafiny ara-tsosialy, mihatsara ny sakafon'ny mponina, nitombo ny ireo toerana fitotoam-bary misy ao an-toerana ka 8 izy ireo ankehitriny izay hita fa mbola tsy maharaka ny filàn'ny mponina.
Rehefa misy ny vokatra: mihatsara ny fandriam-pahalemana, mihatsara ihany koa ny fari-piainan'ny olona. Mihamitombo arak'izany ireo trano miorina, miroborobo ireo sehatrasa hafa toy ny varotra any an-toerana raha tsy nisy izany teo aloha.





Miteraka fampandrosoana betsaka ho an'ny Kaominina Beharona ny fotodrafitrasa na ara-ekonomika izany na ara-tsosialy araka ny nambaran'ny Ben'ny Tanànan'i Beharona. Efa natsangana ny Federasiona izay mampivondrona ireo Fikambanan'ny mpampiasa rano (AUE) miisa 4 mba hitantana ity fotodrafitrasa ao Vondrove ity. Tanjona ny hampaharitra ny fotodrafitrasa mba ho lovain-jafy.

Mbola mitohy ny asa dingana faharoa amin'ny fanajariana ny lemak'i Vondrove, izay hanondraka velaran-tany 890ha tombony ary hahafeno ny velaran-tany ho 1800 ha.







# Fambolena hazo fihinam-boa: sady miaro ny tontolo iainana no loharanon-karena

**Niendraha mipetraka ato amin'ny kaominina Antsalova fokontany Antsalova centre, tanora vao erotrerony nahavita fiofanana tao amin'ny CAFPA Maintirano ny taona 2019, isan'ireo nisitraka ny fahazoana zanaka voasary avy amin'ny tetikasa AD2M**

Niendraha, tanora 28 taona manana fahazotoana sy fikirizana amin'ny fambolena voasary sy ny fikolokolona azy, monina ato amin'ny fokontany Antsalova centre, kaominina Antsalova, distrika an'Antsalova. Fony fahakeliny, efa tia mamboly sy miompy izy ka izany indrindra no nisafidianany ny lalam-piofanana mahakasika ny fambolena sy ny fiompiana tao amin'ny ivom-piofanana CAFPA Maintirano nandritra ny telo taona. Taorian'ny fiofanana, niezaka nampihatra izay teknika sy traikefa azony tato amin'ny Kaominina misy azy i Niendraha. Isan'ireo nisitraka ny fahazoana zanaka voasary maimaim-poana avy amin'ny tetikasa AD2M izy. Manondidina ny zanaka voasary 10 isa no azony tamin'ny tetikasa, akoatr'izay nefa dia nanao tanin-janaka voasary na « pépinière » ho azy manokana nanampiany ireo izay azony tamin'ny Tetikasa. Miisa 94 zao ny fitambaran'ny zanaka voasary voavoliny.

Niavaka ny fomba nambolen'i Niendraha ireo zanaka voasary. Vitany tsara ny fikarakarana izany ary dia nanao karazana andrana na «expérimentation» izy. Misy ampahany tamin'ireo zanaka voasary no nasiana vovon-taolana, mololo nodorana, tany mainty, tany mena, zezika tain'omby. Natambany daholo ireo akora ireo dia nafangarony tsara dia nataony isan-davaka tamin'ny fotoana nambolena azy ary notondrahany isaky ny telo andro. Ny ampahany sisa tamin'ireo zanaka voasary kosa nasiany zezika fotsiny ary mahalana vao notondrahana. Hitany nihavaka sady nisongadina ny fanirin'ireo zanaka voasary nasiana ireo karazana akora sy notondrahana matetika raha mitaha tamin'ireo zanaka voasary nambolena tamin'ny zezika fotsiny.

Tanjon'i Niendraha tamin'ny andrana izay nataony ny mba hampalaky ny voasary hamoa ka hahazoana vokatra haingana. Niezaka ihany koa izy ny nampihatra ireo teknika sy traikefa azony tamin'ny fiofanana. Hoezahiny hasiana vovon-taolana sy mololo dorana ary tany mainty avokoa ireo zanaka voasary tsy mbola nasiana izany amin'ny asara. Marihina fa izy ihany no manamboatra ny vovon-taolana ampiasainy ary efa manomboka manangona taolana maro izy amin'izao.

Anisan'ny tanjony Niendraha ao anatin'izao fambolena zanaka voasary izao ihany koa ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro. Manana eritreritra hanitatra ny fambolena zanaka voasary izy amin'ny taompambolena hazo manaraka eo. Manana tanjona ihany koa izy ny hanao fikarohana sy hanatsara ny andrana izay efa nataony. Mamporisika ireo tanora toa azy i Niendraha mba hiaro ny tontolo iainana, mba tsy handoro ala sy tanety fa hamboly hazo fa antoky ny fahaveloman-tsika olombelona sy ny zava-manana aina maro izany.

Maromaroa ny tanora toa an'i Niendraha fa ho lasa lavitra ny firenen-tsika.

**Nasandratra Volantantely - TOKY FAMPANDROSOANA**







Voasary vokatry ny andrana sy ny fiofanana azon'i Niendraha



# Sakafo ara-pahasalamana ankohonana tomady

**Sady mahazo sakafo ara-pahasalamana ho an'ny ankohonany ireo vehivavy niofana mahakasika ny fiketrehana sakafo no mampiditra vola ao an-tokatranony ihany koa**

Mba hahafahana mihetsika sy miasa isan'andro, ilain'ny vatana sy ny saina ny misakafo ara-pahasalamana. Sakafo voalanjalanja araka ny filàna, miovaova sy maroloko, ahitàna ireo otrikaina rehetra ilain'ny vatana ary madio, ireo no fepetra amaritana ny maha ara-pahasalamana ny sakafo. Miara-miasa akaiky amin'ny Ofisim-Paritra ho an'ny Fanjariantsakafo na ny ORN ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'ny alalan'ny Tetikasa AD2M, izay vatsian'ny FIDA vola, amin'ny fanomezana fiofanana ireo vehivavy ao amin'ny Kaominina Befasy, Distrikan'i Morondava hanodina ireo vokatra misy eo an-toerana ihany ho sakafo ara-pahasalamana.

Kaominina manana karazan-tsakafo maro i Befasy. Hita ao avokoa ireo karazana haninkotrana, voamaina, legioma samihafa saingy ny fomba fiketrehana azy no mila anohanana ny mponina. Andrahoina ny vomanga, mangahazo, katsaka ary ohanina amin'ny siramamy sy dite na kafe na ronono avy eo. Andrahoina koa ny kabaro, tsaramaso, ary asiana sira sy menaka ary fanaovan-tsiro isan-karazany dia vita ny laoka. Alaina ny ananambo ary atao rony ary ohanina amin'ny vary,… Toy izay hatrany ny fomba fandrahoana sakafo mahazatra ny rehetra.

Natomboka tamin'ny fampiofanana sy fampianarana ireo renim-pianakaviana miisa 10 tao Befasy momba ny fambolena legioma ny tohana natao. Nomena masomboly maro izy ireo tamin'izay : anana fotsy vody, petsay, karaoty, tisam, sakamalaho, voatabia, tongolo,... Azo ny fiofanana, samy niezaka namokatra ny tsirairay avy.

Tonga ny fotoam-piakaran'ny vokatra, niditra lalindalina kokoa tamin'ny fampiofanana momba ny fiketrehana sakafo ara-pahasalamana avy amin'ny akora misy eo an-toerana indray ny ORN sy ny AD2M. Zava-baovao ho an'ireo vehivavy ny fahalalana azon'izy ireo toy ny salady mangahazo, salady vary, mofo ananambo, mofo kabaro, mofo bele (vomanga),… Matsiro sady mahasalama azo ampiharina amin'ny andavanandro ny sakafo namboarina. Lasa hay ny nampiasa ireo vokatra misy eo an-toerana sy manovanova izany miaraka amin'ireo legioma novokarina mba ho lasa sakafo ara-pahasalamana.

Tsy mitazona ny fahalalana ho azy irery ireto renim-pianakaviana ireto fa mizara izany amin'ny vehivavy mponina izay liana ao an-tanàna. Mila misakafo ara-pahasalamana avokoa ny rehetra mba ho salama lavitry ny aretina ary ho afaka hiasa sy hamokatra lalandava ka ho foana ny tsifanjariantsakafo.



*« Manararaotra mahandro sakafo karazany maro izahay rehefa betsaka ny vokatra eto aminay. Ny tsapako, nihatsara ny fahasalaman'ny zanakay. Lay zaza bebe kibo taloha ireny tsy nisy intsony. Faly ny vady rehefa mba mahaketrika sakafo iny izahay. Indraindray aza mahavatra manafatra legioma sy potikena avy any Morondava mihitsy noho ny fitiavanay mikarakara sakafo. Lasa fanampin'asa ny fahaizana miketrika amin'izao. Manao mofo zahay ary mivarotra ao an-tsena rehefa sabotsy sy alahady. Mahazo tombony eo amin'ny 4.000 ariary hatramin'ny 6.000 ariary isan'andro eo ny mofo namidinay. »*

## Nahandro

### SALADY BALAHAZO

**A Zavatra ilaina:**
Balahazo, tsitsika na crevette, haricot vert, karaoty, tongolo be, tamatesa, tongolo maintso, menaka, vinaingitra, sira

**B Fomba fikarakarana:**
- Andrahoina ho masaka ny balahazo, tsy atao malemy be, avy eo tetehana madinika;
- Ampangotrahana ny tsitsika;
- Ampangotrahina ny legioma avy eo tetehina madinika;
- Afangaro ny balahazo, tsitsika (crevette) sy ny legioma voatetika;
- Manomana ny saosy vinaigrety;
- Azo asiana mayonnaise raha tiana.

### TSAKO AMIN'NY LOJY

**A Zavatra ilaina:**
Tsako voadisa, lojy, ananambo, tamatesa, voanjo, sira

**B Fomba fikarakarana:**
- Tsiponina sy diovina tsara ny tsako vita disa ary andrahoina;
- Tsimponina sy diovina torak'izany koa ny lojy dia andrahoina mitokana mba ahafahana manala ny rano mangotraka voalohany, ary asiana rano mahamasaka azy;
- Rehefa ho masaka ny lojy dia afangaro amin'ny tsako;
- Esorina ny hodin'ny voanjo efa noendasina ary disaina avy eo;
- Tangosana ny ananambo ary arotsaka miaraka amin'ny voanjo ao amin'ny tsako sy lojy dia asiana sira ary averina andrahoina miaraka;
- Vita ny nahandro ary haroso mafana.

ORN MENABE



# Vary "sebota 70", vahaolana amin'ny fiovan'ny toetrandro

**Raha hampitahaina ny karazam-bary misy, ny «SEBOTA 70» no afaka miatrika tsara ny olana ateraky ny fiovan'ny toetr'andro ary nampidirin'ny Tetikasa AD2M ato anatin'ny Faritra Melaky sy Menabe.**

Efa tsy toy ny taloha intsony ny rotsak'orana satria hita mihena izany. Mihemotra ary mihafohy ny fotoana fiavian'ny orana. ary miantraika mivantana amin'ireo tantsaha mpamokatra ato anatin'ny faritra Menabe sy Melaky izany fiovan'ny toetr'andro izany satria efa tsy ampy intsony ny rano izay entina mamokatra.

Manoloana izany indrindra dia nitady vahaolana ny tetikasa AD2M izay tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ary vatsian'ny FIDA vola mba entina hampiakarana ny fahafaha-miatrik'ireo tantsaha mpamboly vary manoloana izay fiovan'ny toetr'andro. Ankoatra ny fanamboarana tohadrano sy ny fampianarana ireo tantsaha mahakasika ireo teknikam-pambolena toy ny SRA sy SRI dia naparitaka ihany koa ny karazam-bary antsoina hoe SEBOTA 70, izay mahazaka kokoa izay fiovan'ny toetrandro izay.

100 andro dia efa miakatra ny vary SEBOTA 70. Vary isan'ny mahazaka tany maina, mahazaka ranobe noho izy manana vahatra ambaratonga 2 ka sady afaka mivelona amin'ny ranobe no afaka mivelona amin'ny tany maina ihany koa. Fohy kokoa ny tahony ary tsy mitolefika raha toa ka mafy ny rivotra ary mahazaka tsara ireo karazana aretim-bary izay mpahazo ny vary. Vary manjanaka ny SEBOTA 70 ka mahatratra hatramin'ny 60 ny zanabary avoakany raha manaraka ny teknikam-pambolena manarapenitra. Mahatratra 3 hatramin'ny 5 taonina isaky ny hekitara ny vokatra azo raha toa ka feno tsara ny fepetra.

Tsy maintsy mamboly vary ireo tantsaha mpamokatra satria io no asa fototra hivelomany. Misy fotoana anefa izy ireo tany aloha mamboly fa tsy misy vokatra miakatra, atao sakafon'omby fotsiny ireo vary nambolena noho ny fahamainan'ny tany. Hatramin'ny namboleny SEBOTA 70 kosa anefa, misy foana ny vokatra miakatra na dia tratran'ny hain-tany na ranobe aza ny vary eny antsaha.

### RAZAFINTSALAMA Alfred, mpamboly vary ao Ankilizato

Fomba iray nazahoanako vokatra tamin'ny tsy fahampian-drano eny an-tanimbary ny fambolem-bary nohatsaraina (SRI/SRA). Rano kely na petsapetsan-drano avao dia efa ahavokarana vary kanefa tsara ny vokatra. Isan'ny vahaolana ihany koa ary hanomezana fisaorana ny Tetikasa AD2M, ny fampidirana ny masomboly SEBOTA 70 teto Ankilizato satria tena mety tsara amin'izao vanimpotoana ankehitriny izao

Fomba iray manatsara ny tany ihany koa ny fampiasana ny zezika sy ny fanaovana voly avotra mandritra ny fotoana anaovana ny asa fikojakojana ny kanaly. Miakatra hatrany amin'ny 4 taonina na 4,5 taonina isaky ny hektara any ny voka-bary azo avy amin'ny masomboly «sebota 70».



### Hafatra avy amin'ny Alfred

Hafatra ho antsika rehetra: mahatsapa isika fa simba ny tontolo iainantsika, simba sy potika ihany koa ny sahan-driaka na "bassin versant » izay manondraka ny vavarano Sakamaly, mila miezaka isika amin'ny resaka tontolo iainana. Isika rehetra izao no ho voa mafy koa ndao hiara-hientana sy hifanome tanana amin'ny fananarenana indray izany tontolo simba izany. "Izay mandoro tanety mandoro tanindrazana », samia mandray ny andraikiny isika manimba, mandoro tanety, manapotika ny ala. Mbola ho voavonjy ny tontolontsika koa atomboy, amboleo izay hazo mety sy malaky maniry, ndao isika hiezaka ho fanamaitsoana ny tany, hamafiso ny Dina ifampifehezana, ampiasao ireo teknolojia avo lenta amin'izao hanaovana ny fanentanana mahakasika izany.

**Erick - CODE MENABE**







# Fanondrahana toeram-pambolena amin'ny alalan'ny paompin-drano mandeha amin'ny herin'ny masomandro

**Niteraka fivoarana lehibe teo amin'ny fiainan'ny tantsaha monina ao amin'ny toby Betesda ny fidiran'ny paompin-drano mandeha amin'ny herin'ny masoandro ao an-toerana**

Ezaka iray lehibe imasoan'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ny fahavitan-tena ara-tsakafo, izay velirano faha 9 ny Filoham-pirenena. Isan'ny paik'ady mahomby hanatrarana izany ny fampidiran-drano amin'ireo toerana sokajiana ho mahavokatra, nefa hita fa tena tsy misy na mijaly rano. Izany indrindra no nahatonga ny Ministera nampiditra paompin-drano fanondrahana fambolena mandeha amin'ny herin'ny masoandro tao amin'ny Toby Betesda nanomboka ny taona 2020. Toerana nijaly rano nandritra ny taona maro raha i Toby Betesda. Manana ny maha izy azy ao amin'ny

Fokontany Bekonazy, Kaominina ambanivohitry Bemanonga, Distrikan'ny Morondava, io toerana io satria itsaboana ireo rehetra manana olana ara-pahasalama, indrindra fa ny ara-tsaina. Tantsaha avokoa ny mponina ao amin'ny Toby Betesda ary mivelona indrindra amin'ny fambolena. Asa famatsian-drano toeram-pambolena mirefy 20 ha no natao ho fanampiana azy ireo ary karazana fambolena legioma sy haninkotrana maro no hita ao toy : ny ny anana, voatabia, baranjely, tongolo, angivy, katsaka, vomanga, sns… Tratra ny tanjona ankehitriny satria nhon'ny fahavitan'ity paopin-drano mandeha amin'ny herin'ny masoandro natao hamatsy ny fitahirizan-drano, mitsinjara ny rano any amin'ny lakandrano ity, nanomboka ny volana Desambra taona 2020, dia afaka mamboly foana ireo tantsaha mandrak'ankehitriny,

na dia ao anaty vanim-potoana tena maina aza aty amin'ny Faritra Menabe. Vokatr'izay, hahaleo tena tsy ho ela ny mponina ao amin'ny Toby raha ny ara-tsakafo no resahana. Tsara ny manamarika fa tsy misy reniranonaloharano hafa hahafahana manao asa fambolena ao an-toerana afa-tsy amin'ny alalan'io paompin-drano io.

Tsy nijanona hatreo anefa ny Ministera fa mbola manome ny tosika ara-teknika ho an'ny mpahazo tombontsoa mahakasika ny fitantanana ny fotodrafitrasa vita sy ny fampiharana ny teknikam-pambolena mahomby ary ny fizarana masomboly amin'ny alalan'ny Fitaleavam-paritry ny Fambolena sy ny Fiompiana eto Menabe.

Afa-po tanteraka ireo mponina satria afaka mamokatra amin'io toerana izay tena nijaly rano teo aloha io ary vonona hatrany izy ireo hanatsara sy hampiroborobo ny vokatra. Mitohy hatrany ny ezaka ataon'ny Ministera amin'ny fanatanterahana ny vinan'ny Filoham-pirenena.


**Valy - DRAE Menabe**















# KAMADO: fatana mitsitsy, miaro ny tontolo iainana

**Azo atao ny miaro ny tontolo iainana amin'ny fomba tsotra. Isan'ireny ny fanapariahana haingana ny fatana mitsitsy KAMADO. Fomba tsotra anefa mahomby ahafahan'ny mpivady miara-miasa sy fisorohana ny tsy fahasalaman'ny vehivavy**

Kitay 20 isa vao mahamasaka sakafo tany aloharaha mbola nampiasa fatana toko telo vita amin'ny vy, rehefa nampiasa ny fatana mitsitsy KAMADO indray, mahamasaka vary ny kitay 3 isa. Notsongaina ary nomena fifanana mahakasika ny famokarana fatana mitsitsy KAMADO ireo vehivavy 20 ao amin'ny Kaominina Beharona ny volana oktobra 2021 lasa teo. Tsapa mantsy fa miharipaka ny ala, mihavitsy ny rotsa-korana, mihasahirana ny mponina okatry ny tsy fiiana kitay, ireo ny olana ateraky ny fahasimban'ny ala vokatry ny firandrahana sy ny dorotanety Tanjon'ny Tetikasa AD2M amin'ny fanofanana ireto vehivavy ireto ny hanapariahana haingana sy hanamaroana ny fampiasana fatana mitsitsy mba hampihena ny fampiasana kitay, hampihena ny fotoana lany amin'ny fandrahoana sakafo ho an'ny vehivavy, hampitombo ny fotoana ahafahan'ny vehivavy manampy ny vadiny eny an-tsaha, hiarovana ny tontolo iainana, hisorohana ny loza madinika mety hitranga toy ny hain-trano, hitsinjovana ny fahasalaman'ny vehivavy,... Rehefa vita ny fifanana, mandeha mampiofana

Rehefa vita ny fifanana, mandeha isan-tanana indray ireo vehivavy nahazo fifanana ireo mba ho ny rehetra no hampiasa ny fatana mitsitsy KAMADO. Vehivavy avy ao Ambinanitelo



Ireo vehivavy nahazo fiofanana mahakasika ny fanamboarana fatana KAMADO

> *Ny vehivavinay izao afaka miasa, tsy misorona afo mandra-maraina. Taloha eo ambody fatana foana tapakandro maraina nefa hahadro vary sy laoka fotsiny. Zao izy kitay telo dia mahavita mahandro sakafo. Sady mitsitsy no vetivety ny fampiasana ity fatana mitsitsy ity. Lay fatana toko 3 taoha tena be setroka be sady manimba fahasalamana. Lany fotoana amin'ny fitadiavana kitay zahay johary. Amin'izao anefa afaka mamboly vary, balahazo,…*



Fokontany Tongarivo, Kaominina Beharona ny 3 amin'ireo 20 mpiofana

Efa mampiasa ny fatana mitsitsy ny tokatrano 40 amin'ny 60 misy ao Ambinanitelo ankehitriny. Hita taratra sahady ny fiantraikany amin'ny fampiasana azy ao an-tokatrano. Raha isaky ny 2 na 3 andro taloha ny johary (lehilahy) no mandeha maka kitay any amin'ny 4 na 5 kilometatra miala ny tanana, ankehitriny lasa isaky ny herinandro sisa. Ny fotoana lany tamin'ny fakana kitay taloha ho an'ny johary sy ny findrasana ny sakafo masaka taloha ho an'ny vehivavy lasa ahavitana mamboly sy mikarakara ny fimpiana. 2 volana nampiasana ny fatana mitsitsy KAMADO, efa marobe ny tombony entiny ho an'ny isantokatrano. Faly ny ankohonana satria afaka miara-miasa amin'ny famokarana eny an-tsaha ny mpivady. Hantenaina fa hiroborobo ihany koa ny fambolen-kazo noho ny fiian'ireo mpamokatra zanakazo miisa 2 ao amin'ny Kaominina Beharona ary hoho tonga amin'ny firovana sy fiajiana ny tontolo iainana ny rehetra.

Rehefa vita ny fiofanana, mandeha mampiofana isan-tanana indray ireo vehivavy nahazo fiofanana ireo mba ho ny rehetra no hampiasa ny fatana mitsitsy KAMADO. Vehivavy avy ao Ambinanitelo, Fokontany Tongarivo, Kaominina Beharona ny 3 amin'ireo 20 mpiofana ireo.

Efa mampiasa ny fatana mitsitsy ny tokatrano 40 amin'ny 60 misy ao Ambinanitelo ankehitriny. Hita taratra sahady ny fihantraikany amin'ny fampiasana azy ao an-tokatrano. Raha isaky ny 2 na 3 andro taloha ny johary (lehilahy) no mandeha maka kitay any amin'ny 4 na 5 kilometatra miala ny tanana, ankehitriny lasa isaky ny herinandro sisa. Ny fotoana lany tamin'ny fakana kitay taloha ho an'ny johary sy ny fiandrasana ny sakafo masaka taloha ho an'ny vehivavy lasa ahavitana mamboly sy mikarakara ny fiompiana.

an'ny johary sy ny fiandrasana ny sakafo masaka taloha ho an'ny vehivavy lasa ahavitana mamboly sy mikarakara ny fiompiana.

2 volana nampiasana ny fatana mitsitsy KAMADO, efa marobe ny tombony entiny ho an'ny isan-tokatrano. Faly ny ankohonana satria afaka miara-miasa amin'ny famokarana eny an-tsaha ny mpivady. Hantenaina fa hiroborobo ihany koa ny fambolen-kazo noho ny fisian'ireo mpamokatra zanakazo miisa 2 ao amin'ny Kaominina Beharona ary hoho tonga amin'ny fiarovana sy fikajiana ny tontolo iainana ny rehetra.



# Famokarana masomboly kabaro

Mpamokatra masomboly kabaro ao Befasy, Kaominina Befasy, DIstrikan'i Morondava i ANDRIAMITSIRY Jean de Dieu. Efa mpamboly kabaro nanomboka ny taona 2004 i Jean de Dieu. Masomboly mena maso ny kabaro naboleny hatramin'izay fa nanomboka ny taona 2017 vao nampiasa ny kabaro fotsy maso noho ny fanohanan'ny Tetikasa AD2M. Ny taona 2019, voasafidy ho Tantsaha mpamokatra masomboly kabaro izy ary nahazo ireo tohana maro isan-karazany toy ny fiofanana sy ireo fitaovana madinika entina miasa. Sarotra kokoa ny asa famokarana masomboly raha ampihoarina amin'ny fambolena tsotra. Mitaky asa bebe kokoa kanefa ahazoana tombony betsaka koa anefa. Ndao isika hitafatafa aminy ahafahantsika mahafantatra bebe kokoa mahakasika ny famokarana masomboly kabaro izay.

## Nanomboka taona firy no nanombohanao niditra tamin'ny fambolena kabaro ?

Masomboly kabaro mena maso no namboleko nanomboka ny taona 2004 ka hamin'ny 2017. Tsy tsara tsiro io kazana iray io ary nanahirana ny nitady mpividy. Mbola vao 2 hektara ny namboleko tamin'izany ary nanome eo amin'ny 2 taonina sy sasany teo. Teto an-tanana ihany no namidiko ny vokatra. Nanomboka nahazo tohana tamin'ny tetikasa AD2M aho ny taona 2017. Nahazo masomboly kabaro fotsy maso, fanafody ary fiofanana ara-teknika aho.

## Nisy vokatsoa ho anao ary ve ny fanohanana azo tamin'izany ?

Nahomby ary nahazoako tombony mihitsy ny teknika vaovao nampiasaina. Namboly aho taloha, voana kabaro 6 be izao no alefako anaty lavaka iray, zao anefa 2 dia efa ampy. Izany hoe nihena ny masomboly laniko. Nataoko manaraka tsipika ny kabaro hany ka nihatsara ny vokatra. Ilay masomboly nampiasainay mihitsy koa no tsara e. Masomboly kabaro fotsy maso no nomen'ny Tetikasa AD2M anay. Izy io sady be mpitady no tsara vidy ka nampazoto ahy ny namboly azy.

## Inona no nahatonga anao niditra amin'ny famokarana masomboly kabaro indray avy eo ?

Rehefa hita fa namokatra aho dia nosafidian-dry zareo ao amin'ny AD2M ho mpamokatra masomboly. Sady izaho rahateo efa nahazo fiofanana momba ny famokarana masomboly, sady tiako io asa io ka nirotsaka aho. Ankoatra izay anefa tsara kokoa ny vidin'ny masomboly kabaro. Raha 2500 ariary ny kilao amin'ny kabaro tsotra, 5000 ariary ny vidin'ny masomboly kabaro. Tsy mbola misy mpamokatra masomboly koa ety an-toerana nefa mpamboly avokoa ny ankamaroan'ny mponina manodidina.

## Nety taminao ary ve ilay mamokatra masomboly ?

Tena nety tamiko mihitsy. 3 tapitrisa isan-taona ny vola niditra tamiko taloha raha mbola kabary mena maso no namboleko. Izao anefa efa mananika ny impolo avo heny amin'izany ny vola miditra amiko isan-taona amin'io kabary fotsy maso io. Izany hoe tena mahavelona tanteraka ity asa ity. Nanomboka ny taona 2019, mampiasa olona farafahakeliny 15 aho manao ny fanavahana ny kabaro. 5.000 ariary isaky ny gony ny karama amin'izany: 2.000 ariary mitsimpona voalohany, 3.000 ariary manavaka ny tahiry.
3 mianadahy ny zanako. Taloha, sahirana zahay mivady amin'ny fampianarana ny zanakay, ankehitriny anefa vitanay tsara ny mandoha ny saram-pianaran'ny zanakay. Efa nividy tany izahay ary nahavita trano. Taloha, kely ny vola niditra dia tsy nahavita an'izay. Tahaka ny fiara matanjaka anay aty ny omby ary natao izay nananana azy.



## Manao ahoana ny tohin'ny asanao izany ?

Mahasoa ary tsy maintsy tohizana ity asa ity. 2 hektara ny velaran-tany nampiasaiko taloha, izao efa 6 hektara. Mbola manana vinavina aho ny hanitatra indray. Raha misy mivarotra tany aza dia mety hividy aho. Mbola manana vina ny hividy kibota hiasana ny tany ihany koa ary. Maniry anefa aho ny mba ahafahako miatrika fiofanana momba ny fiovaovan'ny toetrandro ahafahako mihafehy tsara ny fampiroboroboana ity voly kabaro-ko ito.

Mahatratra 10 taonina isan-taona ny masomboly vokarin'i Jean de Dieu ao Befasy amin'izao fotoana izao. Mbola ho betsaka ny vokatra hiakatra izany atsy ho atsy. Afaka manatona mivantana azy izay rehetra mila masomboly kabaro. Mirary soa an'i Jean de Dieu hiakatra ambony hatrany.





# Namoaka an'i Naina tamin'ny fahantrana ny voly traka sy legioma

**Nivoatra vetivety ny fiainan'ny tantsaha iray tao amin'ny Faritra Menabe raha nahazo tosika avy amin'ny Tetikasa AD2M ary isan'ireny i Naina.**

RAKOTONIAINA Jean Chrysostome na i Naina, mpamboly anana avy ao amin'ny Fokontany Andoharano, Kaominina Ambonivohitra Manja, Distrikan'ny Manja, Faritra Menabe. Isan'ireo olona marefo ara-pivelomana nahazo tohana tamin'ny tetikasa AD2M izy ny taona 2017.

Ho fanatratrarana ny velirano faha 9 dia ny fahavitantena ara-tsakafo, mitohy hatrany ny ezaka ataon'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'ny alalan'ny tetikasa AD2M izay vatsian'ny FIDA vola amin'ny fanampiana sy fanohanana ireo tantsaha. Nanatanteraka fitiliana ifotony ireo olona sokajiana ho marefo ara-pivelomana ny tetikasa ny taona 2017 tao amin'ny Distrikan'ny Manja. Isan'ny nahazo tombotsoa tamin'izany i Naina. Nahazo masomboly anana sy fitaovana ary fiofanana ara-teknika mahomby izy ary niteraka fivoarana lehibe teo amin'ny fiainany izany. Raha tena narefo izy teo aloha, lasa mahalehotena tanteraka kosa izy ankehitriny: lasa nahavita trano tsara, misakafo tsara, mitafy tsara ary mahavita adidy lehibe eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina. «*Nitondra raza zaho nankany Ambalavao*» hoy izy zay anisan'ny adidy tena mavesatra eo amin'ny foko Betsileo. Tsy vitan'izany fa mbola manana ambimbava koa izy afaka hiatrehany ny fiainany hoavy. Tsara ny manamarika fa io taona 2017 io ihany no nanomezan'ny Tetikasa tosika ity tantsaha iray ity.

## Ny fihetitsiky ny manodidina raha nahita ny fivoarany

Gaga ny manodidina raha nahita ny fivoaran'ny fiainany, mpiara-monina izay marefo ara-pivelomana ihany koa, ka nanantona an'i Naina tsy nisy fisalasalana. Tetsy ankilany, nihaino sy nanampy ireo namany kosa i Naina. Araka izany, niteraka firaisankina sy fifankatiavana eo amin'ny mpiara-monina ihany ny tosika izay nataon'ny Tetikasa ka voatandrina ny Fihavanana Malagasy. Mandroso haingana isika raha izany no atao foto-pisainana

## Nahazo izy ary mba nizara tamin'ny hafa ihany koa.

Nahazo tombotsoa na tsy mivantana avy amin'ny Tetikasa AD2M i Norbert Laha Justin, izay mpiara-monina amin'i Naina ihany. Resy lahatra ny amin'ny fiovam-piainana teo amin'i Naina izy ka nila toro-lalana taminy. Nampianarina ny hahay hizara izay fahaizana ananany ireo mpisitraka ny Tetikasa AD2M ka tsy nihambahamba akory nizara ny mahasoa tamin'ny namany. Nozarainy tsy misy fepetra ny fahaiza-manao sy ny traikefa voafehiny ara-teknika mahakasika ny fambolena traka. Tsy vitan'izany fa novatsiany hatramin'ny masomboly sy fitaovana vitsivitsy ireo namany ireo.



Nody venty ny rano natsakaina ankehitriny. Mihatsara ihany koa ny fiainan'i Justin sy ireo namany noho ny vola azo avy amin'ny fambolena traka. Miara-misitraka ny tombotsoa nentin'ny Tetikasa ny iray tanana. Izany ilay antsoina hoe Fandrosoana: miteraka fiovana azo tsapain-tanana sy maharitra eo amin'ny lafi-piainan'ny tantsaha. Izay rahateo ny antom-pisian'ny Tetikasa AD2M.

Tsy mijanona hatreo ny ezaka ataon'ny Ministera fa mitohy amin'ny Distrika maro manerana ny Faritra rehetra eto Madagasikara..





# Vaovao mahakasika ny tetikasa

## Famolavolana ny SRAT (Rakintsarim-paritra ho Fanajariana ny Tany)Menabe



Teto Morondava no nanombohana ny atrikasa famolavolana ny SRAT Menabe ny volana febroary 2022, izay nentina nampahafantarana ireo lalàna mifehy sy ireo dingana tsy maintsy lalovana hahafahana mamolavola ny SRAT, ary ny fananganana ny CRAT (Comité Régional de l'Aménagement de Territoire).
Ny Faritra Menabe sy ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany no nitarika ny asa raha nanohana ara-bola kosa ny tetikasa AD2M.
Efa vita avokoa ny fakan-kevitra teny anivon'ireo Distrika mandrafitra ny Faritra izay nanangonana ireo tsohan-kevitra sy fanadihadihana.
Tsara ho marihina fa ny Faritra Menabe no faritra faha 14 nandrafetana izany SRAT izany eto Madagasikara. Vinavinaina ho vita amin'ity taona 2022 ity izany SRAT Menabe izany

## Trano fitahirizam-bokatra



Nisitraka trano fitahirizana masomboly ireo tantsaha mpamokatra masomboly ao amin'ny Kaominina Ankiliabo, distrikan'i Manja, Faritra Menabe. Ny kabaro, ny tsaramaso, ny katsaka no anisan'ny vokatra any an-toerana noho ny fisian'ny baiboho izay tondrahan'ny reniranon'i Mangoky. Ireo tantsaha mpamokatra masomboly no hitantana ny fotodrafitrasa izay mahazaka 50 taonina. Ny Tetikasa AD2M, izay eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary vatsian'ny FIDA vola kosa no nanatanteraka ny asa.

## Miandrivazo : Vokatra ny katsaka



Ankoatra ny tsaramaso sy vary, dia anisan'ny seha-pihariana manana ny maha-izy azy ihany koa ny katsaka ao amin'ny Kaominina Isalo, Ankotrofotsy, Andranomainty, Anosimena, Ambatolahy, Distrikan'i Miandrivazo, Faritra Menabe. Velarantany manodidina ny 4570 Ha no voavoly katsaka tamin'ity taona 2022 ity tao amin'ny Distrikan'i Miandrivazo.
Na dia teo aza ny tsy fahampian'ny orana sy ny fisian'ny olitra mpanimba voly izay nihatra tamin'ny voly katsaka tao an-toerana dia niezaka hatrany ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana nanome tohana ireo Tantsaha amin'ny alalan'ny Tetikasa AD2M sy ny DRAE Menabe.
Tsara ho marihina fa masomboly 4 taonina no nozarain'ny Tetikasa AD2M ho an'ireo tantsaha 71 mivondrona ao anatin'ireo kaoperativa miisa 2 izay efa miara-miasa amin'ny mpandraharaha mpividy vokatrataom-pambolena 2022 ity.

## GALS (Gender Action Learning System)



Lalana anankiray, izay ahafahana manova ny fiainan'ny tsirairay ny GALS ary fitaovana iray hanehoana an-tsary ny vina (fiovana tiana hisy).
4 andro no nanatanterahan'ireo manam-pahaizana avy ao amin'ny Fandaharanasa FORMAPROD sy ireo tantsaha nahita fahombiazana (champion GALS) izany fahaiza-manao izany teto Morondava. Niatrika ny fiofanana ny mpandrindra voalohany sy ny teknisianina mpanentana isaky ny ONGT, ary koa ireo tantsaha vitsivitsy avy ao Miandrivazo. Manodidina eo amin'ny 50 ny mpandray anjara rehetra, izay hantenaina fa hanana fomba fijery vaovao ary ho afaka hampita izany any amin'ireo mpahazo tombontsoa eo anivon'ny Tetikasa AD2M.

## Fanjohiana ny Tetikasa AD2M



Tonga nitsidika sy nijery ireo asa izay tanterahin'ny Tetikasa AD2M ny iraka manokana avy amin'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana, Ministera misahana ny Vola sy ny avy ao amin'ny FIDA izay mpamatsy vola.
Nitsidika ny tohadrano ao Morarano Kaominina Ambanivohitra Andranomainty Distrikan'i Miandrivazo izy ireo ary nifampiresaka tamin'ireo tantsaha mpamboly katsaka ny tsaramaso ary koa ireo tantsaha nahazo tohana tamin'ny fiompiana ondry.
Nandritra ny fandalovana tao Tsimafana Distrikan'i Belo/Tsiribihina indray dia nifampiresaka mivantana tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Kaoperativa mpiompy tantely « TSILANIMAMY » sy ireo mpahazo tombotsoa tamin'ny fatana KAMADO tao amin'ny fokontany Anjà Nosibe.
Tao amin'ny Distrikan'ny Manja kosa, nojerena ny « Birao Ifoton'ny Fananan-tany » tao amin'ny Kaominina Manja sy tao amin'ny Kaominina Ankiliabo izay nahorin'ny Tetikasa AD2M. Teo ihany koa ny fitsidihana ny trano Fitehirizana Masomboly izay vao vita tao Ambivy Kaominina Ankiliabo ary mahazaka 50 taonina. Nisy ihany koa ny fifampiresahana tamin'ireo tantsaha mpamokatra tsako sy kabaro tao amin'ny baibohon'Antselibe.
Izay rehetra izay ny natao dia mba hijerena sy hanatsarana hatrany ny asa tanterahin'ny Tetikasa AD2M

# LAHARANA MAHASOA
(Mpamokatra masomboly)

**VARY:**

| Anarana | Distrika | Kaominina | Karazany | Fifandraisana |
|---|---|---|---|---|
| RAZAFIMANANTSOA Jerôme | Manja | Manja | SEBOTA 70 | 034 60 280 13 |
| RAVAOARISOA Hanta Raymonde | Mahabo | Ankilizato | SEBOTA 70 | 034 21 118 16 |
| RASOAMANANTENA Chantale | Maintirano | Betanatanana | "SEBOTA 70; SEBOTA 406" | 034 95 312 92 |




**TSARAMASO:**

| Anarana | Distrika | Kaominina | Karazany | Fifandraisana |
|---|---|---|---|---|
| RASOJA | Miandrivazo | Manambina | "RI 5-2; BEGIDRO" | 033 13 542 73 |
| RAZAFINDRAINIBE Justin | Miandrivazo | Miandrivazo | CAL 98 | 034 06 030 26 |
| RAFAMANTANANTSOA Jeannot | Miandrivazo | Isalo | CAL 98 | 034 44 764 19 |




**KABARO:**

| Anarana | Distrika | Kaominina | Karazany | Fifandraisana |
|---|---|---|---|---|
| RAZAKASOAVINA Andrinaina Joël | Manja | Ankiliabo | "Pois du cap sans Menamaso" | 032 75 686 82 |
| RANDRIAMITSIRY Jean de Dieu | Morondava | Befasy | "Pois du cap sans Menamaso" | 034 33 447 92 |




**KATSAKA:**

| Anarana | Distrika | Kaominina | Karazany | Fifandraisana |
|---|---|---|---|---|
| RAZAFINDRABE Andriamiandrisoa Hyacinthe | Miandrivazo | Ambatolahy | IRAT 200 | 033 06 587 20 |





## AD2M Madagascar

**Adresse:** Ex-bâtiment HASYMA, enceinte cité SEIMAD Tsimahavaokely (619) Morondava
**Email:** ad2m@ad2m.mg
**Telephone:** +261 34 05 415 38/+261 33 40 250 52

www.ad2m.mg

AD2M TV

AD2M Madagascar